


**FILAZANA MANJO**

Noho ny fihavanana dia mampandre anareo fa ny malalanay

*Ny Andriana* **Michel RAMIARAMANANA DOMENICHINI**

***Président de l'Agence Première Ligne***
***Président du Bureau des Normes de Madagascar***
***Past Président du Rotary Club Antananarivo « Doyen »***
***Vice-président d'Emergence Madagascar***

dia niamboho tamin'ny Asabotsy faha-18 Desambra 2021
rehefa nivahiny 63 taona teto an-tany
Hoy :

***Ny zanany :***
Thibaud DOMENICHINI
Astrid DOMENICHINI

***Ny iray tampo aminy :***
Yves Gérard sy Dina RAMIARAMANANA DOMENICHINI, ary ny zanany
Mireille Hanitra Andrianina DOMENICHINI sy William RAKOTOMALALA, ary ny zanaka aman-jafiny

***Ny iray tampo amin'ny rainy :***
Claude sy Mireille DOMENICHINI sy ny zanaka aman-jafiny
Joëlle QUINIO et René RAMA sy ny zanaka amina-jafiny
Jocelyne QUINIO sy ny zanaka aman-jafiny

***Ny iray tampo amin'ny reniny :***
ANDRIAMANDAY RAMIARAMANANA Suzanne sy ny zanaka aman-jafiny
RAMIARAMANANA Simone sy ny zanaka aman-jafiny
Terak'Itpkl RAMIARAMANANA Olivier sy ny zanaka aman-jafiny
Terak'Itpkl RAMIARAMANANA Guy sy ny zanaka aman-jafiny
RAMIARAMANANA Alain sy ny zanaka aman-jafiny
RAMIARAMANANA Yves Maurice sy RAHAJARIVONY Louisette

***Ny namany :*** Gabriella JONAHSON

***Ny havany :***
Ny terak'Itpkl Dr Louis de Gonzague RAMIARAMANANA sy Itpkv Dr Marthe RALIVAO
Ny Fianakavian'ny Terak'Itpkl RAZAFIMAHALEO sy Itpkv RASEHENOSOA Valentine Olympe
Terak'Itpkl Ratsitoharana sy Itpkv Ravaomanana,
Terak'Itpkl Ramiaramanana Alexandre sy Itpkv Razafitsara,
Terak'Itpkl Ramanantoanina sy Itpkv Ranjavelo (Ambodizozoro Ambohimalaza),
Terak'Itpkl Razafindrainibe sy Itpkv Ramiadamanana (Ambohidrakitra Ambohimalaza),
Terak'Itpkl Rajaonarivelo,
Terak'Itpkv Ranjavao,
Terak'Andriantsolo (Andramasina),
Fikambanan'ny taranak'Ambohitrabiby,
Fianakaviamben'ny Andriana,
Ny Fokontany Ambatonilita Antananarivo, ny Fokontany Andohanimandroseza Antananarivo,
Ny Fokontany Andramasina sy Ankorona, ny Fokontany Fiadanana Ambohimalaza,
Ny Fiangonana Paroisse Internationale Andohalo
Ny Fiangonana FJKM Andramasina
Ny Rotary Club Antananarivo Doyen
Ny Agence Première Ligne

Ny nofony dia hiala ao amin'ny **Villa Sarihangy, Andohanimandroseza Antananarivo**, ny **Alarobia faha-22 Desambra 2021** amin'ny **8 ora sy sasany**, ho entina hanomezam-boninahitra an'Andriamanitra ao amin'ny **Fiangonanana Paroisse Internationale Andohalo** alohan'ny hanafenana azy eny **Ambohimanjaka (Andramasina, Atsimondrano).**

***« Fa ny fahasoavan'Andriamanitra no nahatoy izao ahy »*** (I Cor 15 :10)

**Ny famangiana manomboka ny 20/12/2021 @8 alina.**
**Tsy misy fiaretan-tory. Hajaina ny elanelana sy aro vava sy orona.**

***« Mangina aho ka tsy miloa-bava fa ianao no nanao izao »***. Io ny fehezan-teny iray manontolo azo vakiana ao amin'ny Salamo 39.9.

Tsy hitako tokoa izay ambara mikasika ny fahalasan'i Michel Domenichini Ramiaramanana. Fa izao kosa : tsy ny Covid-19 mihitsy akory no nahalavo azy fa ny aretina *« cancer »* izay nikika azy efa aman-taonany. Izao no lahatr'Andriamanitra ka dia tsy maintsy manaiky isika zanakolombelona.

Telo taona lasa izay no niaraka nandevina ny rainy, Jean-Pierre Domenichini tany Ambohimanjaka Andramasina izahay ( **VIDEO ETO** ). Eto anefa dia miala tsiny amin'ny fianakaviana raha toa ka tsy ho hita aho amin'io andro hanaovam-beloma an'i Michel io. Ataoko fa ho *« compréhensifs »* ny rehetra amin'ny anton'izany.

Ny azo ataoko, mba ho marika ny fiombonam-po sy saina amin'ny rehetra, dia ny manolotra ny Salamo 39 iray manontolo.

Veloma Michel, mandria am-piadanana.

**Jeannot Ramambazafy**

**+ + + + + +**




Michel Domenichini-Ramiaramanana (au centre) lors d
obsèques de Tsilavina Ralaindimby, le 28 février 2018

**+ + + + + +**

## Ny fahatsinontsinon'izao fiainana izao

1. Ho an'ny mpiventy hira. Ho an'i Jedotona Salamo nataon'i Davida. Hoy izaho : hitandrina ny lalako aho ka tsy hanota amin'ny lelako ; hasiako fehim-bava ny vavako, raha mbola eo anatrehako ny ratsy fanahy.

2. Nangina mihitsy aho, namihim-bava ka tsy nilaza na dia ny tsara aza, dia nihetsika mafy ny fanaintainan'ny aretiko.

3. Nafana ny foko tato anatiko ; raha nieritreritra aho, dia nisy afo nirehitra, ka niteny tamin'ny lelako aho.

4. Jehovah ô, ampahafantaro ny farako aho sy izay ohatry ny androko; aoka ho fantatro fa olon-kandalo aho.

5. Indro efa nataonao vodivoam-pelatanana ny androko, ary ny fiainako toy ny tsinontsinona eo anatrehanao. Zava-poana ihany tokoa ny olon-drehetra, na dia matanjaka aza.

6. Aloka tokoa no fandehandehan'ny olona; zava-poana tokoa no itabatabàny ; mihary harena izy nefa tsy fantany izay ho tompon'izany.

7. Ary ankehitriny, inona no andrasako Tompo ô ? Hianao no antenaiko.

8. Manafaha ahy amin'ny fahadisoako rehetra; aza manao ahy ho fanakoran'ny adala.

9. Mangina aho ka tsy miloa-bava fa ianao no nanao izao.

10. Aoka hitsahatra ny fikapohanao ahy ; reraka aho azon'ny famelin'ny tananao.

11. Anatra noho ny fahadisoany no ananaranao ny olona, ka manimba ny hatsaran-tarehiny tahaka ny kalalao ianao ; zava-poana tokoa ny olona rehetra.

12. Mandrenesa ny fivavako Jehovah ô,ary mihainoa ny fitarainako; aza mangina amin'ny ranomasoko fa vahiny aminao aho sy mpivahiny tahaka ny razako rehetra.

13. Aza atrehinao aho aloha, dia ho miramirana indray, dieny aho tsy mbola lasa ka tsy ho eto intsony.

**Salamo 39 : 9**